RMDM SY NY TIM ARY NY MPANAO POLITIKA

Vonona hitondra indray hiaraka amin-dRavalo

Ho famaranana ny taona 2020, sy ho fandraisana ny taona vaovao 2021, nisy ny hafatra sy ny fanambarana avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana, anisan'ny nambarany tamin'izany, fa tsy misy ny zavatra mandeha eto amin' ny firenena amin'izao fotoana, fa lainga sy fitaka no amahanan'ny mpitondra ny vahoaka. Ny sabotsy 2 janoary teo indray, niarahaba ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fianakaviany teny amin'ny trano fonenany teny Faravohitra ny avy amin'ny RMDM, ny antoko TIM ary ireo mpanao politika hafa, ao anatin'ny fanoherana eto Madagasikara. Nitondra ny tenin'ny RMDM sy ny mpanao politika tamin'izany, ny filoha lefitr'ity vondrona antoko politika avy amin'ny Faritanin'i Toliara teo aloha ity, Pasitera Edouard Tsarahame, nambarany fa ao aorian'i Dada hatrany ny rehetra ary raha hitondra indray ny filoha Marc Ravalomanana dia vonona hitondra hiaraka aminy ny mpanao politika, satria vao miandoha ny taona dia efa vokisan-dRajoelina lainga sy fitaka ary habobo ny vahoaka Malagasy. Nanamafy izany ihany koa ny sekretera jeneralin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Rina Randriamasinoro, fa vonona hanohana ny Filoha Ravalomanana amin'ny tanjona izay ho tratrarina, ho fanavotana ny firenena ihany koa ny antoko izay najoron'i Dada. Nisolotena ireo olom-boafidy : senatera, depiote, ben'ny tanàna ary mpanolotsaina ny kaominina kosa ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany voalohany, Me Hanitra Razafimanantsoa, vonona ho eo alohanao izahay hoy izy, nefa aoka kosa ianao hoy Me Hanitra tsy hiverindalana, fa hiroso hiaraka aminay amin' ny zavatra ho avy. Nanome toky ny filoha Marc Ravalomanana, fa vonona hanavotra an'i Madagasikara, sy ny vahoaka ao aminy indray. Notsiahiviny ny teny ao amin'ny soratra Masina, izay milaza fa : mandehana amin'izao herinao izao. Handeha ary vonona aho hoy Ravalo!

Ny Valosoa

Fidiran'ny coronavirus

Anisan'ny tompon'andraikitra ny fitondrana Rajoelina

Filoha Rajoelina, filoha fahatany fotsiny.

Roa taona no nitantana ny firenena ny filoha napetraky ny HCC sy ny CENI, Andry Rajoelina. Nipoapoaka ery ny propavandy tany am-boalohany nakana ny fon'ny Malagasy, fa handroso sy hamiratra i Madagasikara ary hiadam-pinaritra ny vahoaka ao anatiny. Tsy izay anefa no zava-misy, fa haizina mikitroka no mahazo ny firenena ankehitriny, miaina ao anaty tsy fangaraharana ny seha-pitantanana amin'ny lafiny maro samihafa, ka manao izay danin'ny kibony ny mpitondra isantsokajiny, mandidy dia homana... Vokatr'izany, miaina ao anaty fahantrana tanteraka ny vahoaka Malagasy amin'ny lafiny rehetra mihintsy. Vao mainka nanampy trotraka izany ny fidiran'ny areti-mandoza coronavirus teto Madagasikara, vokatry ny di-dohan'ny mpitondra tsy nanidy ny sisintany, ny 18 sy ny 19 martsa tamin'ny herintaona 2019. Noho izany, tompon'andraikitra tamin'ny fidiran'ny covid-19 teto amintsika izao fitondrana izao. Efa nanao fanambaràna ny mpanao politika mpanohitra, ny mpamakafaka politika na ny teto an-toerana na ny tany ivelany, diaspora, ireo fiarahamonim-pirenena, ny hanidiana haingana ny sisintany fa tsy nanapa-kevitra ara-potoana ny fitondràna, fa mbola nanao vavabe aza hoe tsy mafy noho ny pesta sy ny kôlera io e! mbola marefo ny toekarena eto Madagasikara ka sarotra izany hanidy sisintany izany. Voaporofo anefa fa ny sidina na ny vol farany ny 18 sy 19 martsa nitondra olona avy any Frantsa ho aty Madagasikara no nitondra ny tsimokaretina covid-19 voalohany teto amin'ny firenena dia iny izy nirongatra be nahafatesana olona aman-jatony mahery iny, ka nahapotika ny toekarena sy ny fitadiavan'ny vahoaka Malagasy manerana ny Nosy. Ary mbola tsy resy izany valanaretina izany amin'izao fotoana satria mbola misy ireo marary tsaboina, sy ny maty. Asa na mbola nisy nandrasana tany ivelany hody teto Madagasikara tamin'izay fotoana izay tamin'ny fianakaviana mpitondra tamin'io na ahoana, fa ahiahy no betsaka teto noho ny tsy fisian'ny vaovao ofisialy mikasika izany. Zavatra hafa no maha-maika ny mpitondra amin'izao fotoana, fa tsy ny ady amin'ny fahasahiranambahoaka : "piscine" na toeram-pilomanosana no hataony any amin'ny faritra mijaly rano, kianja manara-penitra ihany koa no hatao any Ambovombe, tsy izany no laharam-pahamehan'ny olona any fa rano hivelomanana sy hamokarana. Hanao téléphérique eto an-drenivohitra Rajoelina, nefa ny rian'aratra aza tapaka foana eto amintsika. Hanao tramway, efa hatramin'ny 2009 izany ka hatramin'izao no tsy tanteraka. Fehiny, mpitondra fahatany fotsiny arak'izany ny mpitondra amin'izao fotoana fa tsy manana ny maha izy azy mihitsy.

Helisoa

Manomboka volana janoary 2021

Mikarama ho an'ny Cnaps sy ny Jirama ireo nitrosa taminy

Miditra amin'ny volana fiandohan'ny taona fandoavana trosa ity volana janoary ity, ho an'ireo nitrosa teto amin'ny firenena nampindramin'ny fanjakana. Ny misongadina amin'izany, dia ireo mpiasa madinika nisambotra teny amin'ny Cnaps rehefa namporisihan'ny fitondrana, sy ireo nangataka fanemorana amin'ny fandoavana ny volan'ny Jirama. Tsy ho afa-maina ireo na sarotra aza ity volana janoary ity ny mandia azy. Mazava loatra fa tsy maintsy mandoa izany izy ireo, raha tsy te hahita faisana. Ity fitondrana Rajoelina ity dia iaraha-mahalala ihany, fa tsy mahita vahaolana amin'ireo tokantrano sahirana, raha tsy hoe angaha aorian'ny ivoahan'ity lahatsoratra ity vao mitady fomba hafa hanamboarana ny saimbahoaka sy hampandriana adrisa indray.

Fa hatreto aloha, tsy maintsy aloa ny trosa. Iaraha-mahalala tsara anefa, fa be ny fandaniana tamin'ny niainana ny fety teo sy ny fiatrehana ny adidy samihafa amin'ny fianakaviana amin'ny tonon-taona toy izao. Izany hoe, tsy maintsy mifehy kibo ny tokantranon'izay nitrosa amin'ity volana ity. Karazany nijabaka ihany, na nampijabahana ihany noho ny fahasahiranan vokatry ny covid-19, ireo tokantrano sy fianakaviana ireo. Tsy misy ihany koa anefa ny fepetra noraisin'ny fitondrana Rajoelina amin'izany, fa zavatra hafa no mahamaika azy. Ho an'ny fitondrana dia hirehareha indray izy, fa nahavita nanampy ireo mpiasa tamin'ny fampindramam-bola. Etsy ankilan'izany anefa, misy tokantrano sy fianakaviana nidiran-doza, azafady, nidiran-trosa. Mahavità be ireo, fa ireo aloha ilay tsy niaraka tamin'ny fikambanana Randrana Sendikaly, ho an'ny mpiasa io, fa ho an'ireo handoa vola amin'ny Jirama kosa dia henjana ihany! Ny rian'aratra aza ity mbola tapatapaka ihany, fa iaraha-mahalala, fa tsy te hahalala izany ny tomponandrakitr'ity orinasa ity. Mbola ahiana aza ho an'ny mpanjifa maro ny zavatra hotanterahiny amin'ity taona ity.

Sôh'son

Ny Valosoa sy fakafaka

Tsy hisy fampandrosoana eto raha tsy miova ny fomba fiasa sy toe-tsain'ny mpitondra

Na inona inona fikasana hanatanteraka asa fampivoarana ny firenena, rehefa ny fositra mihitsy no tsy nosorohina hialàna, dia handrorona hatrany toy izay taona roa izay ny hitranga. Fony mbola tany amin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra no efa nahenoina tetikasa vaventy mipoapoaka nataon'i Andry Rajoelina. Nanaovana fihetsiketsehana be hatrany Paris-Frantsa izany, ary nisehoana teo anoloan'ny vazahabe maro sy mpianatra malagasy, fa ho vitany ao anaty fotoana fohy ny « fanandratana » an'i Madagasikara. Ny fieboeboana tao anatin'izany tsy hay lazaina intsony. Ny fanabatiana ireo filoha teo aloha, indrindra ny filoha Ravalomanana tamin'izany teo amin'ny fotoanan'ny fifanatrehan'ny roa tonta farany, nampitampim-bava ny olon-kendry mihitsy. Vao mainka niha-nanaovana resabe ny filazana tetikasa goavana hampandrosoana ny firenena rehefa nandray ny fitondrana ny tenany. Niaraha-nahita anefa ny zava-nisy tao anatin'izay roa taona izay.

Tsy nahita fihatsarana mangirana tamin'ny fiainany ny vahoaka ary vao mainka aza niha-maizin-kitrona ny hoavy hoan'ny sarambabem-bahoaka. Ny fositra, ilay fomba fiasa sy toe-tsaina entina manatanteraka asa mihitsy no tsy mahomby. Raiki-tampisaka tamin'ny fitondrana Rajoelina ny fanaovana kajikajy politika alohan'ny rehetra. Efa nosoritan'ny maro mihitsy, fa mbola ao anaty fotoanan'ny fampielezan-kevitra hatrany Rajoelina isaky ny mitety toerana na tanàna sy faritra samihafa. Niaraha-nahita rahateo izany hatrany amin'ny fiatrehana ny ady amin'ny covid-19. Tsy nivakiany loha na kely aza ny fanakianana tamin'izany na dia hita izao fa miabo aza izany, fa lafy ratsy indray no nandraisany azy, toy ny hoe fanaratsiana sy fanenjehana. Hadisoan-kevitra bevava izany ary tena hateren-tsaina mpitondra.

Zava-droa loha no singanina raha ny fomba fiasa tsy mahomby nokianin'ny maro, ankoatra ny mpanohitra: ny fanitsakitsahana ny lalampanorenana mba hahatratrarana ny tanjona tiana hahatongavana sy ny fitanilàna amin'ny fitsinjovana vahoaka. Ity farany dia tena nampitondra "takaitra" ny maro mandraka ankehitriny. Niseho ho nanao hetsika fanampiana ny vahoaka ara-tsosialy ny fitondrana Rajoelina kanefa tsy nahavita akory ny fanampiana ny Malagasy tsivakivolo. Nisehosehoana be sy nanaovana vely vilany mihitsy ny zavatra natao kanefa etsy ankilany misy ampahana vahoaka manjoretra mitomany mangina fa nailika. Raha mbola tena mahatsiaro ho mpitondra marina ny firenena, tsy mahavita minia mikimpy amin'izany toe-javatra izany. Nilaozan'Andrianampoinimerina lavitra amin'ny fitantanana vahoaka fa aza miseho ho babany. Io anefa olona tsy nianatra akory na nahafantatra teknolojia môderina avo lenta toy ny ankehitriny.

Mby tamin'ny fitenenana hoe « ny tarehy mampody mandry fa ny toetra mampiverin'ilàlana » ny zavanisy. Hain'ity fitondrana ity mihitsy ny manao zavatra na hetsika mirentirenty toy ireny tamin'ny faran'ny taona ireny hanakonana ny "tarehy ratsiny". Izay voafitak'izany dia mihevitra fa tena tsara ity fitondrana ity. Tsy izany anefa, mahalaza azy ny oha-pitenenana. Ireny zavatra nataony ireny dia hanakonan-javatra ihany. Koa raha tsy miova mihitsy ny fomba fiasa sy toe-tsain'izao mpitondra izao, dia ho resabe ihany izay nolazaina rehetra hampandrosoana ity firenena ity, fa tsy hisy vahoaka ho tsara fari-piainana sy hiadana izany eto na oviana na oviana, na hamita fe-potoana hiasana fanindroany aza Rajoelina sy ny forongony, izay heverina fa tsy hisy intsony izany. Ireo olona nifidy azy aza ankehitriny efa nanenina avokoa ny ankamaroany noho ny tsy fahaizany, sy ny lainga lava hafafiny.

Sôh'son